CELEBRATING HOLINESS

CHURCH OF THE NAZARENE-AFRICA REGION

MALAGASY

06 Janoary 2012

Ho an'ny mpitandrina rehetra,

Ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin'Andriamanitra Ray sy Jesosy Kristy anie ho aminareo!

Maneho ny fankasitrahana anareo aho ny amin'ny fiarahantsika miasa ny amin'ny fanatanterahana ny iraka, hanao mpianatra ny firenena hanahaka an'i Kristy aty Afrika. Ny fanoloran-tenanareo hitory ny teny, hivavaka, ary hampitao ny amin'ny fanatanterahana ny asa fanompoana, ny fiahianareo ny kongregasiona tsirairay ary ny fitantanana sy ny andraikitra izay sahaninareo isan-kerinandro misesy izay tena mendrika tokoa. Misaotra ny amin'ny asa ataonareo rehetra.

Miparitaka ary tena mitombo hatrany ny Fiangonan'ny Nazareana aty Afrika. Tena ankalazaintsika ny fahazoantsika mpikambana antsasaky ny iray tapitrisa tamin'ny taona lasa sy ny asa tamin'ny firenena 42 amin'ny firenena 54 aty amin'ny kontinenta Afrikana. Tena notahian'Andriamantra isika tamin'ny fanolorantenantsika hanangana ny Fiangonana aty Afrika!

Amin'izany fankalazantsika ny fiitarana sy ny fitomboan'ny fiangonana izany, dia zava-dehibe ny mampahatsiahy ny tenantsika ny amin'ny tanjontsika lehibe indrindra amin'ny maha fikambanana antsika, ny amin'ny hitehirizantsika sy hizarantsika ny fahamasinana Kristiana araka ny voalaza ao amin'ny Soratra Masina, dia ny hamerenantsika ireo mpanota ao amin'Andriamanitra sy ny fanamasinana manontolo ho an'ny mpino.

Raha mijery ny tany aloha tany isika, ny ekipa mpanao iraka eto amin'ny faritra Afrika sy ny birao mpanolo-tsainan'ny faritra dia nivory tamin'ny septambra 2011 mikasika ny fijerevana ny planina ny amin'ny hampaherezana ny tsirairay ny amin'ny fanohizana ny fitoriana mikasika ny fahamasinana eo amin'ny mpianatra, ny fitoriana mikasika ny fahamasinana, ny fampianarana ny mpitarika, ary ny fitomboan'ny fiangonana. Nanome soso-kevitra izy ireo ary nanome fankatoavana ny amin'ny fisian'ny, "FANKALAZANA NY FAHAMASINANA", amin'ny taona 2012.

Tsy hoe akory hanakorontana na hanova ny planina izay efa nataonareo mandritra ny 2012 izany, fa kosa ho fanampiny sy ho fanatsarana ny asa atao eo amin'ny fiangonana eo an-toerana amin'ny fananganana tontolo ara-panahy eto amin'ny faritra Afrika izay toerana nomen'Andriamanitra fahafahana hitondra fifohazam-panahy ara-pahamasinana eo amin'ny fiangonana, ary fanavaozana ara-panahy eo amin'ny mpitarika sy ny mpikambana. Efa novolavolainay ary efa nijery loharanon-kevitra izahay ny amin'ity planina ity ary manantena fa hanampy be anao sy ny kongregasiona misy anao ny fanatanterahana izany.

P. O. Box 44, Florida 1710, South Africa ● Tel: +27-11-472-3615 ● Fax:+27-11-672-7614 ●E-Mail: nazarene@africa-region.org.za

Hanomboka amin'ny Alarobian'ny lavenona, ny 22 n'ny volana febroary 2012 ity ny fanatanterahana ity soso-kevitra ity, amin'ny vavaka sy fifadian-kanina, fianarana ary fandinihan-tena izay mitarika anao amin'ny fiatrehana ny alahadin'ny Paska ny 08 aprily 2012. Manomboka ny alahadin'ny paska ka hatramin'ny Pentekosta, 08 aprily ka hatramin'ny 27 may 2012, ny fiangonana dia hanohy ny fianarana sy ny fandinihan-tena izay mitarika anao hiaina ny fiainam-pahamasinana manokana sy miaraka amin'ny hafa tahaka ny fomba Wesleyana izay manana hetaheta hitarika ny hafa hiditra na hanavao ny fifandraisany amin'Andriamanitra sy ny fiangonana.

Ny tanjona lehibe indrindra amin'ity hevitra ity dia tena ho fitaovana lehibe ny fiangonana ny amin'ny "fikatsahana fiarahana Kristiana feno fahamasinana, ny fiovam-pon'ny mpanota, ny fanamasinana tanteraky ny mpino, ny fiorenana tsara amin'ny fahamasinana ary ny fahatsorana sy hery ara-panahy nisy tamin'ny fiangonana voalohany tamin'ny andron'ny Testamenta Vaovao" (Toro-lalana *2009-2013*, ¶25).

Ry mpitandrina, te-hanasa anao manokana sy ny fiangonana izay misy anao aho handray anjara amin'ity hevitra fankalazana ny fahamasinana ity. Afaka jerenao ny tahirin-kevitra rehetra miaraka amin'ity taratasy ity na afaka omena anao amin'ny fotoana manaraka izany, ary afaka manontany ny mpiandraikitra ny faritra misy anao ianao na miantso aty amin'ny toeram-piasako raha mila fanazavana fanampiny.

Misaotra betsaka amin'ny fandraisanao anjara amin'ny fankalazana ny fahamasinana!

Dr Filimao Chambo
Lehiben'ny faritra aty Afrika
Fiangonan'ny Nazareana

P. O. Box 44, Florida 1710, South Africa ● Tel: +27-11-472-3615 ● Fax:+27-11-672-7614 ●E-Mail: nazarene@africa-region.org.za

Ny kontinentan'i Afrika:

- Misy firenena 54 eto amin'ny kontinentan'i Afrika:
  - Firenena 48 ary nosy 6
- Ny kontinenta Afrikana no kontinenta lehibe faharoa sady be mponina faharoa manerantany:
  - 11.7 tapitrisa metatra tora-droa
  - Mponina miisa 1 lavitrisa (tamin'ny taona 2009)

Ny asan'ny Fiangonan'ny Nazareana – antontan'isa:

- Firenena 42 amin'ny 54 no misy ny fiangonana aty amin'ny kontinenta Afrikana.
- Nanomboka tany avaratry cape verte tamin'ny taona 1901 ny Fiangonana.
- Nanomboka tany Afrika atsimo tany Swaziland tamin'ny taona 1910.
- Teo anelanelan'ny taona 1901 ka hatramin'ny 1950 dia firenena efatra ihany no nisy ny fiangonana.
- Teo anelanelan'ny taona 1950 ka hatramin'ny taona 1980:
  - Mpikambana = 37,000
  - Isan'ny firenena nisy ny fiangonana = 9
- Teo anelanelan'ny taona 1980 ka hatramin'ny taona 1990:
  - Mpikambana = 71,121
  - Isan'ny firenena nisy ny fiangonana = 19
- Teo anelanelan'ny taona 1990 ka hatramin'ny 2000:
  - Mpikambana = 173,690
  - Isan'ny firenena nisy ny fiangonana = 35
- Teo anelanelan'ny taona 2000 ka hatramin'ny taona 2010:
  - Mpikambana = 511,000
  - Isan'ny firenena nisy ny fiangonana = 42
- Ny asan'ny Fiangonan'ny Nazareana teto Afrika dia tena asa vaovao:
  - Ny 78.5 % n'ny asa dia manodidina ny 30 taona teo ho eo.
  - Ny 61% n'ny asa dia manodidina ny 20 taona teo ho eo.
- Amin'izao fotoana izao dia distrika 125 no miparitaka amin'ny faritra fito:
  - Afovoany atsinanana
  - Atsinanana
  - Tandroka
  - Miteny anglisy
  - Afovoany andrefana
  - Atsimo
  - Andrefana
- Ary misy ihany koa:
  - Fiangonana voarindra 4,237 sy fiangonana tsy voarindra 4, 195
  - Manodidina ny 4,000 no isan'ireo efa voaofana manerana amin'ny kontinenta.
  - ihoatra ny 6,750 no isan'ny mpianatra ho mpitandrina ao amin'ny ivo-toeram-pampianarana teolojia.
  - Mpikambana mihoatra my 549,000

CELEBRATING HOLINESS

CHURCH OF THE NAZARENE-AFRICA REGION

TAHIRIN-KEVITRA 2012

VAVAKA SY FIFADIAN-KANINA
DATY: ENINA HERINANDRO
22 FEBROARY – 08 APRILY

FANKALAZANA NY FAHAMASINANA
DATY: FITO HERINANDRO
08 APRILY – 27 MAY 2012

FITAOVANA AMPIASAINA AMIN'NY VAVAKA

- **Ahoana no fomba...**
- **Fandaharam-potoana amin'ny vavaka**
- **Vavaka eny an-dalana**
- **Vavaka miaraka**
- **Seho mikasika ny vavaka sy fiderana**
- **Ny ora izay hanova izao tontolo izao**

VIDEO Avy Amin I Dr Chambo
Fotoam-Bavaka Ho An'ny Ankohonana Manontolo
Flanarana Baiboly Fito Heriandro
ho an'ny ankizy kely, tsotra, tanora,ary lehibe
Toro-Lalana Ny Amin'ny Fifadian-Kanina
Fandaharan-Toriteny
Toro-Lalana Ny Amin'ny Fomba Fananganana Vondrona Kely

Voadika amin'ny teny Amharic

- ***Chichewa***
- ***Anglisy***
- ***Frantsay***
- ***Malagasy***
- ***Portugais***
- ***Shangaan***
- ***SiSwati***
- ***Swahili***
- ***Espagnol***

HITANAO AO AMIN'NY WEB:
www.africanazarene.org